

20 marsa 2017 - Fankalazana an'i MD JOSEFA



Ry Kristianina havana raha ny marina dia ny 19 marsa no ankalazana an'i Md Josefa fa noho izy tojo Alahadin'ny Karemy dia io no tsaroana manokana ka nafindra amin'izao Alatsinainy 20 marsa izao ny fankalazana an'i Md Josefa Ray mpitaiza an'i Jesoa.

Ary niara-nanomboka ny volan'ny karemy isika tamin'ny voalohan'ny volana marsa, izay volana natokana ho an'i Md Josefa, karemy izay ADY sady DIA mankany amin'ny Paka. ADY amin'ny ratsy izay mandrendrika atsika ary tsy mora fa sarotra ihany koa mankany amin'ny Paka sy fandalovana ka hidirantsika amin'ny tena fiainana fiainan'ny zanak'Andriamanitra ka i Jesoa nitsangan-ko velona no famantarana ho atsika ary hivelomantsika an'izany fiainana maha-zanak'Andriamanitra izany. Raha miara-maty amin'i Kristy amin'ny fahotana isika dia hiara- hitsangana aminy koa amin'ny Paka. Amin'ity volana marsa ity, famakivakiana ny karemy, noraisintiska i Md Josefa ho modely hivelona an'izay ADY SY DIA izany satria azo lazaina fa i Md Josefa dia niatrika an'izany amin'ny tantaram-pamonjena tamin'ny misiterin'ny fahatongavana ho nofo. Ny prefasy androany dia milaza an'i Md Josefa ho lehilahy marina sy tia vavaka. Ireo toetra -fototra hita-ao amin'i Md Josefa dia hibanjinintsika sy hianarantsika amin'izao famakivakiana ny karemy izao dia tsy inona fa ny fiezahana hivelona ny marina ao anatin'ny fiainana feno fivavahana. Ary mifanojo amin'ny lohahevitra manokana nomena hiainan'ny sekoly katolika eto Madagasikara izany ezaka ataontsika amin'izao karemy izao : Manao ny marina no hendry ary ny marina no maha-olona

afaka atsika. Araka ny hafatra sekoly katolika io, tsy hoe ny olomanga no tsy misy eto amin'ny nosintsika, na ny manam-pahaizana na ny manan-karena na ny mpanao politika no tsy misy eto amintsika. Manana ireo isika ary maro isankarazany aza ary isaorana an'Andriamanitra izany fa indrisy mipetraka ny fanontaniana : maninona isika no mbola tsy afaka mandroso,maninona isika no mbola anaty adim-piainana isankaranzany, mbola ao anatin'ny fahoriana, maninona isika no tsy afaka miala amin'izany fahoriana izany ? Dia samy mahatsapa ny rehetra fa ny fahamarinana no tsy ampy eto Madagasikara, ny tsy fahamarinana no aretina mikiky an'i Madagasikara, ka raha tiana handroso isika satria misy an'ireo olomanga, olona manam-pahaizana, olona manan-karena dia velomy ao amintsika izay fahamarinana izay dia hanana olonkendry isika. Olonkendry tokoa no tsy ampy eto amin'ny firenentsika. Amin'izao ADY SADY DIA amin'ny karemy izao dia horaisintsika tokoa i Md Josefa mba ho modely ho atsika.

Fantantsika fa nisedra zavatra maro izy kanefa nitoetra tao anatin'ny fahamarinana ary izay no azo lazaina nifidianan'Andriamanitra azy ka nantsoin'Andriamaintra azy ho Ray mpitaiza an'i Jesoa. I Md Josefa no nikolokolo ny zanak'Andriamanitra, izy no nanome ny anaran'ny zanak'Andriamanitra, nataony hoe Jesoa no anarany tahaka an'i Zakaria rehefa nanontaina iza no anarana omena ny zanakao ? dia nomeny anarana hoe Joany, toy izay koa ny maha Ray an'i Josefa dia nanome anarana an'i Jesoa.

Izany no hafatra ho antsika, aoka isika ho Ray aman-dReny hanome anarana mendrika ny zanatsika mba hivelomany an'izay anarana izay ka hahatonga azy ho olombelona mendrika. Fa tsy ny anarana no tiana ambara eto, fa matoa i Josefa nanome anarana hoe Jesoa dia satria fantany ny lalana tsy maintsy hizoran'i Jesoa ka aoka izany ho fampianarana ho antsika amin'ireo zanantsika izay taizaintsika sy beazintsika, mba ho olombanona izy ka tezaho ao anaty fahamarinana ary ao anatin'ny fitiavam-bavaka.

Nikarakara an'io fianakaviana masina io I Josefa ary fantantsika fa ny Eglizy dia nanome hasina manokana azy ary izany no ankalazaintsika azy ho Ray mpitaiza sy mpamelona ny zanak'Andriamanitra. Mpandrafitra izy ka namelona amin'ny alalan'ny asa ny fianakaviana masina. Fampianarana velona ho antsika koa izany amin'izao ADY SY DIA amin'ny karemy, ny asa no anisan'ny maha-olona atsika ka aoka isika hanatanteraka tsara ny asa tandrify atsika. Aza variana isika amin'ireny rendrarendra isankarazany ireny, misy aza ny olona amin'ny ora fiasana dia lany fotoana amin'ny zavatra hafa, variana hatramin'ny fihinanan katy ka tsy tanteraka araka ny tokony ho izy ny asa. Aoka ary isika hiady amin'ny hakamoana, amin'ny zava mahadomelina izay manapotika ny asa ka tsy mendrika ny maha zanak'Andriamanitra atsika.

Mpiaro ny zanak'Andriamanitra koa i Josefa, feno ahiahy izy hatramin'ny voalohany, atao ahoana fa ho afabaraka I Maria izay tiako hampiakarina, tsy nitady hanameloka an'i Maria izy fa nitady hametraka azy mamingina na dia efa fofombadiny aza.

Toraka izany koa tamin'ny fotoan'i Heroda, nandeha tany Egypta izy mba hitondra ny zaza tsy

ho voavonon'i Heroda. Koa mahaiza koa isika mahay mandray ireo mitsoha ponenana sy vahiny fa hanampy atsika ihany koa tahaka nataon'i Md Josefa.

Olona tia vavaka koa i Md Josefa, nikolokoloiny ary nampianarany ao anatin'ny fivavahana ny fianakaviana masina, nandeha matetika tany Jerosalema nanao fivahiniana masina izy ireo, tany aza i Jesoa no nijanona niresaka tamin'ireo mpahay lalàna ka nanaovany hoe “Ato amiko ny fanahin'ny Tompo, hirahina aho hitory vaovao mahafaly”. Izany rehetra izany dia vokatry ny fanabeazana nataon'i Josefa an'ny fianakaviana masina.

Aoka isika amin'izao karemy izao hanabe ny zanantsika ao anatin'ny fivavahana, fa ao no hanovozana ny fanahin'Andriamanitra hikorokoro sy hanabe ao anatin'ny tena fahendrena sy fahamarinana ary anaty fitiavam-bavaka. Fantantsika koa fa noho izay maha Ray mpitaiza an'i Josefa amin'ny maha mpandrafitra azy dia nanome hasina ny asa izy ka izay no mahatonga azy ho mpiaro ny mpiasa rehetra.

Misaotra anao izahay ry Jesoa noho nifidiananao an'i Md Josefa ho Ray mpitaiza anao ka amin'izao fotoana ankalazana manokana an'i Md Josefa izao dia mivavaka ho an'ny Raim-pianakaviana rehetra izahay mba haka tahaka an'i Md Josefa ho modely tokoa ary mivavaka ihany koa ho anay tsirairay mba ho olomarina sy tia vavaka.

Mahatsiaro manokana an'ireo mpitondra fanjakana izahay satria Ray ihany koa ny mpitondra, Ray aman-dreny ny mpitondra ka enga anie hanana ny toe-panahin'i Md Josefa izany izy ireo ho olona marina, ho eo anivon'izy ireo ny vavaka sy ny fitiavana ary fahatahorana an'Andriamanitra.

Ampio izahay amin'izao ADY SADY DIA hitondra anay amin'ny Paka izao ka i Md Josefa anie hivavaka ho anay mba hiova ny fonay ka ho fo vaovao no entinay mankalaza ny paka, hiaraka hitsangaka amin'i kristy koa izahay ka hahay hampanjaka ny rariny sy ny hitsiny dia ianao tokoa Jesoa no ivon'ny fiainanay ka hahay hampitraotra ny finoana sy ny fiainana andavanandro tahaka an'i Md Josefa izahay ka hitondra anay any amin'ny fiadanana marina.
Amen